



VONDRONA EUROPEANA  
IRAKA MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA  
MADAGASIKARA 2013



## FANAMBARANA SAVARANONANDO

**Naneho hevitra tamin'ny fomba demokratika ao anatin'izao dingana manan-danja amin'ny fivoahana ny krizy izao ny vahoaka malagasy.**

**Antananarivo, faha-22 Desambra 2013**

---

### *Famintinana*

---

- Arahabain'ny Iraka ny fahaiza-miaina nasehon'ny mpifidy malagasy izay tonga nandatsa-bato.
- Ny fampielezan-kevitra ho an'ny fifidianana filoham-pirenena sy solombavambahoaka, nafàna sy nahitana famoriam-bahoaka maro, dia tontosa tao anatin'ny filaminana ary tsy nisy korontana lehibe.
- Nanamarika ny Iraka fa nisy fandikàna ny foto-kevitra ny tsi-fiandaniana nahindrahintra tao anatin'ny Tondrozotra sy ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana. Voamariky ny Iraka ny fanapahan-kevitra ny CES hanafoana ny didy hitsivolana navoakan'ny governemanta ka nampisy izany fivilian-dàlana izany.
- Ny tsy fitoviana be loatra amin'ny hoenti-manana teo amin'ireo kandida samihafa dia nanamafy ny tokony hifehezana io lafiny io mandritra ny fifidianana manaraka.
- Tamin'ny ankapobeny dia tao anatin'ny filaminana no nizoran'ny andron'ny fifidianana. Na dia teo aza ny tanjona notratrarina tao anatin'izany fifidianana roa miaraka izany, dia hita fa nihena ny taham-pandraisana anjara, izay heverina ho manodidina ny 48 isan-jato, raha ampitahaina amin'ny fihodinana voalohany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena (61,6 isan-jato). Nanamarika ny Iraka fa na dia teo aza ny hasarotan'izany fifidianana roa miaraka izany, dia vitsy ihany ireo tsy nety voamarika.
- Arahabain'ny Iraka ireo ezaka nataon'ny CENI-T hampiharana ny sasany tamin'ireo tolo-kevitra nomen'ny misiona nandritra ny fihodinana voalohany.
- Ireo lisi-pifidianana fanampiny navoakan'ny CENI-T tany amin'ny distrika niisa 115 tamin'ireo 119 dia nahafahan'ireo mpifidy niisa 142.632 tsy voasoratra anarana handray anjara tamin'ny latsa-bato tamin'ny 20 Desambra, ka tafakatra 7.965.937 ny isan'ireo voasoratra anarana tao amin'ireo lisi-pifidianana.
- Nanamarika ny Iraka fa betsaka tokoa ny isan'ireo kandida ho solombavambahoaka (2.054) ho an'ireo toerana niisa 151 niadiana tany amin'ny distrika 119.
- Nankasitran'ny Iraka ny asa notontosain'ny CENI-T tao anatin'ny ezaka hivoahana amin'ny krizy sady nisy zava-tsarotra nanamarika azy, tetsy an-daniny teo amin'ny fikarakarana sy ny lojistika, ary tetsy an-kilany vokatry ny toe-trandro. Mampirisika ny CENI-T hanohy izany ezaka izany ny Iraka.
- Nandritra ny fampielezan-kevitra, dia nomarihan'ny Iraka ny fisian'ny fiovaovan'ny fomba fampiharana ireo fitsipika manan-kery mikasika ny fametahana peta-drindrana.
- Ireo kandida ho filoham-pirenena dia nandray anjara tamin'ny adihevitra in-telo nisesy tao anatin'ny haino aman-jerim-panjakana. Sambany no nisy izany hatramin'ny taona 1996. Tetsy an-

kilany kosa, dia voafetra ihany ny isan'ireo kandida ho solombavambahoaka nahazo tombony tamin'ny fampiharana ny fitsipika napetraky ny CENI-T ho azy ireo. Hita taratra tao amin'ny fampitam-baovaon'ireo mpampahalala vaovao tsy miankina, izay nanome vahana ny fampielezan-kevitra andoavam-bola, ny fahasamihafana teo amin'ny hoenti-manana sy fitaovana nananan'ireo kandida samihafa.

- Ny fanaraha-maso fifidianana dia tsy niankina fotsiny ihany tamin'ny mpanara-maso iraisam-pirenena niisa 1.163, fa nisy ihany koa mpanara-maso nasionaly niisa 10 183 nahazo alàlana avy tamin'ny CENI-T ho an'ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana filoham-pirenena sy ny fifidianana solombavambahoaka.
- Birao fandatsaham-bato niisa 48 no nanatrehanay mpanara-maso. Tamin'ny ankapobeny dia tao anatin'ny filaminana, teo ambany fifehezan'ny solo-tenan'ny kandida sy ny mpanara-maso nasionaly no nanatontosana izany tany amin'ireo birao fandatsaham-bato rehetra nalehanay.
- Harahin'ny Iraka akaiky tsara hatrany ny fomba fikirakirana ireo fifanolanana momba ny fifidianana sy ny mangarahara ary ny fahafahana manara-maso ny isam-bato mandritra ny fanambarana ny vokatra ofisialin'ireo latsa-bato nampiarahina.

Efa hatramin'ny 25 Septambra ny Iraka no teto Madagasikara, araka ny fanasan'ny governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ho an'ny Tetezamita (CENI-T). Mitarika izany Iraka izany ny Lehiben'ny mpanara-maso, Rtoa Maria Muñiz de Urquiza, solom-bavam-bahoaka ao amin'ny Parlemanta Eoropeana. Mpanara-maso miisa 123 avy any amin'ny firenena miisa 25 ao amin'ny Vondrona Eoropeana, ary nisy koa avy any Suisse sy Norvège, no nalefa avy tamin'ny Iraka mba hanombana ny fikarakarana manodidina ny fifidianana araka ny voalazan'ny lalàna manan-kery eto Madagasikara sy ireo fenitra iraisam-pirenena eo amin'izany sehatra izany. Ny delegasiona avy amin'ny Parlemanta Eoropeana, tarihan'Atoa Philippe Boulland ary soloin'Atoa Jean-Jacob Bicep tena, dia miombona amin'ny fanambarana nataon'ny Iraka. Ny andron'ny fifidianana dia maherin'ny 600 ny isan'ireo biraom-pifidianana mitsinjara any amin'ny faritra 19 notsidihan'ny ny mpanara-maso, ka nahasahana ny 57 tamin'ireo distrika miisa 119 ho an'ny fanokafana ny biraom-pifidianana, ny latsa-bato, ny fanisana sy ny fanangonana ireo vokatra. Ny Misiona avy amin'ny *Assemblée Parlementaire Paritaire-Afrique Caraïbes Pacifique et l'Union européenne* (APP ACP-UE), ahitana fiaraha-mitantan'Atoa isany Patrice Tirolien sy Fitz Jackson, dia miombom-peo amin'izao tsoa-kevitra ataon'ny Iraka izao.

Ny Iraka dia manambara izao tsoa-kevitra savaranonando izao ao anatin'ny fahaleovan-tena tanteraka sady ao anatin'ny fanajana ny Fanambarana ireo foto-kevitra ho an'ny fanaraha-maso iraisam-pirenena ny fifidianana.

Sitraky ny Iraka ny hisaotra etoana ireo manam-pahefana manerana ny firenena ho an'ny fiaraha-miasa nasehon'izy ireo tamin'ireo mpanara-maso teo am-pamitana ny irany.

Ny fanambarana savaranonando dia ho hita ao amin'ny tranon-kalan'ny Misiona

<http://www.eueom.eu/madagascar2013>.

---

### ***Tsoa-kevitra savaranonando***

---

#### **TONTOLO ARA-POLITIKA**

Ny Tondrozotra hivoahana amin'ny krizy, vita sonia tao Antananarivo ny 16 Septambra 2011, no nanomboka ny lamina nandraisan'ny rehetra anjara sy nisian'ny marimaritra iraisana, izay nitarika ho amin'ny fikarakarana ny fifidianana ankehitriny.

Nihanafàna ny fifanandrinana teo amin'ny mpomba ny Filohan'ny Tetezamita sy ireo mpanohana ny Filoha sesitany nandritra ny fikarakarana manodidina ny fifidianana.

Nisokatra ny adihevitra politika taorian'ny nametrahana ny fepetra nantsoina hoe « sady tsy itsy no tsy iroa » neken'ireo mpandray anjara samihafa ao amin'ny Tondrozotra, ary nahafahana nanitatra ny isan'ireo mpandray anjara teo amin'ny sehatra politika. Na izany aza anefa, dia nihamafy ny zava-misy tao amin'izany tontolo politika izany taorian'ireo fanitsahana ny Tondrozotra.

Nitarika adihevitra nafàna ny tsy fanajana anatin'ny foto-kevitra ny tsi-fiandania nataon'ireo manam-pahefana politikan'ny Tetezamita tao anatin'ny vanim-potoan'ny fifidianana, ka nampihemotra indray ny fahatokisan'ny mpifidy ny fikarakarana ny fifidianana. Ankoatr'izay, ny fanitsahana izay voalazan'ny andininy 54 amin'ny Lalàm-panorenana, tamin'ny alàlan'ny fanambarana tsotra, dia niteraka savorovoro momba ny fepetra fanendrena ny Praiminisitra.

Vokatr'ireo toe-javatra manjavozavo teo amin'ny Tondrozotra ireo dia nisy ny vokatra nitranga teo amin'ny tontolo ara-politika, ny rafi-panjakana ary ara-pitsarana. Nofoanan'ny Fitsarana Manokana momba ny Fifidianana (CES) ny 18 Desambra teo ilay didi-mpanjakana lah. 2013-593 ny 6 Aogositra 2013. Ny 19 Desambra no nampahafantarina ny besinimaro izany fanafoanana izany, izany hoe iray andro mialoha ny latsa-bato. Na izany aza anefa, dia tsy nisy fiantraikany teo amin'ny fizotry ny fifidianana izany adihevitra nisy talohan'ny fanafoanana ilay didi-mpanjakana izany.

Nanambara ny mpitandro filaminana fa tsy hiandany amin'ny atsy sy aroa sy hiantoka ny fandriam-pahalemana mandritra ity latsa-bato roa miaraka ity.

#### **TONTOLON'NY LALANA**

##### ***Tsi-fiandanian'ireo manam-pahefana ara-politikan'ny Tetezamita***

Voamariky ny Iraka fa misy fifanoheran-kevitra ao amin'ny voalazan'ireo lalàna manan-kery samihafa mifehy ny fifidianana.

Ny andininy 15 amin'ny Tondrozotra, izay averina ambara ao amin'ny andininy 45 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana (CE), dia mitaky ny fanajana ny foto-kevitra momba ny tsi-fiandanian'ireo manam-pahefana politikan'ny Tetezamita. Na izany aza, dia misy didy roa navoaka taty aoriana izay manohitra izany voalaza izany. Ny didy hitsivolana lah. 2013-0270 tamin'ny 16 Aprily 2013 dia manome alàlana ireo manam-pahefana politika tsy nirotsaka hofidiana hanatrika ny hetsika fampilezan-kevitra, ankoatry ny mpitarika andrim-panjakana, nefa ny didy lah. 2013-573 tamin'ny 6 Aogositra 2013 dia manafoana izany fiantohana ny tsi-fiandania izany, ka dia nanjary azon'ny mpitarika andrim-panjakana natao indray ny mandray anjara amin'ny hetsika fampilezan-kevitra.

Izany fanitsiana tamin'ny volana Aogositra 2013 izany dia nanafoana ny vontootin'ny andininy 45 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana mikasika ny fandràna ireo manam-pahefana politika, ary namono ny herin'ny andininy 15 amin'ny Tondrozotra. Ireo didy roa voalaza etsy ambony ireo dia tsy mahafeno ny fepetra ao anatin'ny hevitra sy vontootin'ilay lalàna nikasa hisakana ny fampiasana ny fananam-bahoaka ataon'ireo manam-pahefana. Ny tsy fisian'ny tsi-fiandiana dia manakana ny foto-kevitra ho an'ny fitovian'ny herijika eo amin'ireo kandida, ary miteraka ahiahy mitombina tsara ny amin'ny mety hisian'ny fanararaotam-pahefana.

Taorian'ny fihodinana voalohany, dia notsindrian'ny Iraka ny tsi-fisian'izay voalazan'ny lalàna momba ny fifidianana filoham-pirenena sy fifidianana solombavambahoaka mikasika ny famatsiam-bola sy ny famerana ny vola lany amin'ny fampielezan-kevitra. Ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana ihany koa dia ahitana lesoka momba ny andalana manjavozavo sy fahabangana misongadina momba izay mety ho fandikan-dalàna, ny fahamarinan'ny latsa-bato, izay sady tsy voafaritry no tsy voafehy.

### *Fanendrena ny Praiminisitra*

Ny andininy 54 amin'ny Lalàm-panorenana dia milaza fa « Ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra, izay atolotry ny antoko na vondron'antoko maro an'isa ao amin'ny Antenimieram-pirenena». Misy anefa fanambarana navoakan'ny Filan-kevitra ny Minisitra, tamin'ny datin'ny 27 Novambra 2013, manome dikan-teny hafa tanteraka indray amin'izay voalazan'ny Lalàm-panorenana. Azo adika amin'ny fomba maro isan-karazany ihany koa ny tsy fisian'ny famaritana ny atao hoe maro an'isa ao amin'ny Antenimieram-pirenena. Mihevitra ny Iraka fa tokony ho nanontaniana talohan'ny andron'ny fifidianana tamin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana izay tena hevitra ny andininy 54.

## **FITANTANANA NY FIFIDIANANA**

### *Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ho an'ny Tetezamita (CENI-T)*

Ankasitrahana'ny Iraka ireo ezaka nataon'ny CENI-T hanatsarana ny fikarakarana ny latsa-bato nampiarahina. Tao anatin'ireo fepetra folo noraisina hanitsiana ny lesoka, dia misy ireo mifanandrify rahateo amin'ireo tolo-kevitra nataon'ny Iraka. Anisan'izany ohatra ny fanohizana ny fizaràna ny kara-pifidianana, ny fampidirana ireo mpifidy tsy voasoratra anarana, ny fanamafisana ny fanentanana sy ny fanofanana ary ny fandrafetana lamina vaovao harahina ao anatin'ny biraom-pifidianana ho an'ny latsa-bato roa miaraka.

Tontosan'ny CENI-T ny fikarakarana ny fifidianana filoham-pirenena sy fifidianana solombavambahoaka, na dia teo aza ireo olana mikasika ny foto-drafitr'asa sy lojistika, teo andaniny, ary ireo olana nateraky ny toe-trandro, tetsy an-kilany. Na izany aza anefa dia nanamarika ny Iraka fa hita ho lesoka ho an'ny fiasan'ny CENI-T ireo fanapahan-kevitra tsy tafita tsara hatrany amin'ireo rantsa-mangakany sy ny tsy fahampian'ny tamberin'ny antontam-baovao avy any amin'ny fototra.

### *Lisi-pifidianana*

Arahabain'ny Iraka ny fanapahan-kevitra ny CENI-T tsy hanavao indray ny lisi-pifidianana sy nisafidy ny hamokatra lisi-pifidianana fanampiny. Tamin'ireo olona niisa 143.304 fantatra fa tsy voasoratra anarana, dia ny 142.632 (1,79 isan-jaton'ireo voasoratra anarana) no nampidirina tao anatin'ny lisi-pifidianana fanampiny, ho an'ny distrika niisa 115 tamin'ireo 119. Izany no nahafahana nanamafy ny maha-nandraisan'ny rehetra anjara ilay lisi-pifidianana. Nanamarika ny CENI-T fa nisy distrika telo (Ankazobe, Vondrozo ary Morombe) tsy nanome anarana mpifidy tsy voasoratra anarana ary distrika iray (Manja) no tsy naharay ara-potoana ny fanapahan-kevitra ny

Fitsarana Ambaratonga Voalohany (FAV). Ny 20 Desambra, raha ampiana ao amin'ny lisi-pifidianana nivoaka tamin'ny 9 Oktobra 2013 ny anaran'ireo tsy voasoratra, dia mitontaly 7.965.937 ny isan'ireo mpifidy.

### *Lojistika ho an'ny fifidianana*

Ho an'ny fihodinana faharoa, dia nahamarika ny Iraka fa nisy ezaka hanatsarana ny famatsiana fitaovam-pitaterana, izay nanatsara ny fanaparahana sy ny fanangonana ireo fitaovam-pifidianana.

Na izany aza anefa, izany ezaka izany dia tojo fahasahiranana noho ny fahatarana tamin'ny antontan-taratasy momba ny firotsahana hofidiana sy ny fandrafetana ireo vatom-pifidianana solombavambahoaka. Vokatry izany dia tara enina andro ny fizarana ireo fitaovam-pifidianana novokarina tany Afrika Atsimo.

### *Fiasan'ny biraom-pifidianana*

Vokatry ireo hasarotana tamin'ny famenoana ireo tatitry ny isam-bato hita tamin'ny fihodinana voalohany, dia nandray fepetra ho fanitsiana izany ny CENI-T: fanoloana ireo mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana (MBV) tsy tonga na tsy nahavita ny iraka nampanaovina azy; fanamafisana ny fanofanana ho an'ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato; fanendrena mpisoloto toerana roa vaovao ho an'ny latsa-bato nampiarahina, ka tafakatra fito ny isan'ireo tompon'andraikitra isaky ny birao fandatsaham-bato; fampitomboana ny tambinkarama atolotra ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato; ny tsy maintsy ilazan'ny birao fandatsaham-bato any anatin'ny tatitra alefany ny isan'ny vato niasa sy tsy niasa, izay midika ezaka amboniny ho an'ny mangarahara; fandindrana tsara kokoa ny fanangonana ireo taratasy momba ny voka-pifidianana; ary fanampiana ny isan'ny fitaovana isaky ny birao fandatsaham-bato.

Nofaritan'ny CENI-T ho 1.000 isaky ny birao fandatsaham-bato ny isan'ny mpifidy eto Madagasikara, ary nekeny ny hihoarana izany isa 1.000 izany tany amin'ny birao niisa 646 tao anatin'ireo 20.001. Tsara marihina fa araka ny fanao tsara alain-tahaka iraisam-pirenena, dia tokony tsy hihoatra ny 500 isaky ny birao fandatsaham-bato ny isan'ny mpifidy mba hanamoràna ny latsa-baton'ny mpifidy tsirairay.

### **FAMPIELEZAN-KEVITRA**

#### *Fifehezana sy fizotry ny fampielezan-kevitra*

Ny 29 Novambra tamin'ny 6 ora maraina hatramin'ny 19 Desambra tamin'ny 6 ora maraina no naharetan'ny fampielezan-kevitra, izany hoe nihena iray andro ny faharetan'ny vanim-potoan'ny fifidianana voafaritry ny lalàna.

Nizotra tao anatin'ny filaminana izany, na dia nafàna tokoa àry, indrindra nandritra ny folo andro farany, ary na dia teo aza ireo korontana madinika tetsy sy teroa.

Azon'ireo kandida ho filoham-pirenena natao ny naneho ny heviny ho an'ny fiaraha-monina, tao anatin'ireo adihevitra in-telo nisesy tamin'ny fahitalavitra. Nandritra ny fampielezan-kevitra dia nafantok'izy ireo tamin'ny olana mahakasika mivantana ny faritra notsidihany ny fandaharan'asany, saingy nampahatsiahiviny hatrany kosa ny fikasany hiroso amin'ny fampihavanam-pirenena sy ny fitsinjaram-pahefana tena izy. Ireo kandida ho solombavambahoaka kosa dia nampifantoka ny fampielezan-keviny tamin'ireo olana ahakasika manokana ny fari-piadidiany ara-pifidianana. Ho an'izay voamarina fa hiara-dia amin'ny iray amin'ireo antoko roa nanolotra kandida ho filoham-pirenena sady nanana famatsiam-bola, dia

niara-nanao fampielezan-kevitra ny mpikambana amin'ireo antoko ireo: fampielezan-kevitra ho an'ny kandida ho solombavambahoaka sy fampielezan-kevitra hafa ho an'ny kandida ho filoham-pirenena tohanan'ny antokony.

Na teo aza ny fandràna ao amin'ny lalàna, dia voamariky ny Iraka ny fanatrehan'ny manam-pahefana samihafa nandritra ny hetsika famoriam-bahoaka ho an'ny fampielezan-kevitra: ny Filohan'ny Tetezamita, ny Filohan'ny Filan-kevitra Ambony ho an'ny Tetezamita, ny sasany amin'ny filohan'ny faritra sy distrika ary manam-pahefana ambony samihafa avy amin'ny fitondrana.

Nahamarika ny Iraka fa nisy fahasamihafana teo amin'ny hoenti-manan'ireo kandida samihafa, ary nisy ny hetsika natao nefa dia mazava fa voaran'ny lalàna momba ny fifidianana: tao anatin'ny faritry ny renivohitra, tany amin'ny firaisana fahatelo, fahadimy ary faha-enina, dia tsikaritry ny Misiona fa nisy kandida ho solombavambahoaka nampanantena fanomezana ho an'ny fampielezan-kevitra. Tany amin'ny faritr'Ambositra kosa dia nahamarika ny Iraka fa nisy fampiasana fananam-bahoaka hanaovana fampielezan-kevitra. Tany amin'ny faritra Diana, dia voamarin'ny Misiona ny fisian'ny tsindry mivantana nataon'ny Lehiben'ny faritra tamin'ny mpiasam-panjakana handehanan'ireto farany hitsena ny Filohan'ny Tetezamita sy ny kandida ho filoham-pirenena Rajaonarimampianina Hery.

Nandritra ny fampielezan-kevitra dia nomarihan'ny Iraka fa mihoatra lavitra ny voalazan'ny fitsipika manan-kery ny haben'ny peta-drindrina. Nampahalalaho ny Iraka ny fahitana fa na ny CENI-T na ny rantsa-mangaikany dia tsy nitàna ny andraikitra maha-mpampihatra ny fitsipika azy ireo nanoloana izany.

### **TONTOLON'NY FAMPahalalam-baovao**

Narahan'ny mpampahalala vaovao akaiky tsy tapaka ny fikarakarana manodidina ny fifidianana, teo anelanelan'ny fihodinana roa miantoana, nandritra ny fampielezan-kevitra ary hatramin'ny andron'ny fifidianana. Na izany aza anefa, voafetra ihany ny isan'ireo kandida ho solombavambahoaka voatantara tamin'ny fampitam-baovao na nanao fampielezan-kevitra tamin'ny alàlan'ny haino aman-jery.

Misy ny fitsipika narafitry ny CENI-T ho an'ny latsa-bato tsirairay mba hiantohana fa mitovy ho an'ny kandida rehetra ny fahafahana mampiasa ireo haino aman-jerim-panjakana, na maimaim-poana na mandoa vola. Arahabain'ny Iraka ny hetsika nikarakarana adihevitra in-telo nisesy teo amin'ny kandida ho filoham-pirenena nandritra ny fampielezan-kevitra. Izany hetsika izany, izay sambany nisy hatramin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny t aona 1996, dia nahafahan'ny olom-pirenena nanatrika adihevitra nifanandrinan'ny roa tonta mivantana.

Na izany aza anefa dia voamariky ny Iraka fa voafetra ihany ilay fifehezana ho an'ny fampiasana maimaim-poana ny haino aman-jerim-panjakana ho an'ireo kandida ho solombavambahoaka. Mazàna noho ny tsy fitoviana ara-teknika sy teo amin'ny fahaiza-manao teo amin'ireo kandida, dia tsy azon'ny sasany tamin'izy ireo natao ny nahazo izany fampiasana maimaim-poana voalazan'ny lalàna izany. Izay lafin-javatra izay, miaraka amin'ireo antony hafa<sup>1</sup>, dia nampihena ny mety ho fahafahana na finiavan'ny kandida hampiasa ara-potoana ireo fotoana tsy andoavam-bola. Voamariky ny Iraka ny tsy fisian'ny mangarahara momba ny fampielezan-kevitra andoavam-

---

<sup>1</sup> Anisan'izany ny fahataran'ny famoahana ireo fitsipiky avy amin'ny CENI-T, ny 23 Novambra, izany hoe dimy andro talohan'ny niantombohan'ny fampielezan-kevitra; ary ny fanomezana iray minitra maimaim-poana ihany tao amin'ny haino aman-jerim-panjakana tantanan'ny ORTM ho an'ireo kandida tsy afaka mampiasa rantsa-mangaikan'ny ORTM any amin'ny distrika misy azy.

bola tao anatin'ny haino aman-jerim-panjakana, ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana izay nampirisika ny lafiny ara-barotra, izay nisy fiantraikany ratsy teo amin'ny fitovian'ny fahafahana mampiasa ireo sehatra ireo.

Toy ny hita nandritra ny fampielezan-kevitra ho an'ny fihodiana voalohany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena, ny ankamaroan'ny mpampahalala vaovao tsy miankina dia nifantoka kokoa tamin'ny fotoana andoavam-bola noho ny fampitam-baovao. Notohizan'izy ireo ihany koa ny fanehoana fampielezan-kevitra ho toy ny vontoa'ny vaovao nampitaina, izay nomena endrika fanadihadiana miaro dokam-barotra. Niteraka tsi-fitoviana teo amin'ny fahitana ireo kandida samihafa ny fahasamihafan'ny hoenti-manana teo amin'izy ireo.

Voafetra ihany ny isan'ireo afaka nampita vaovao manara-penitra kokoa. Arak'izany, ny antoko MAPAR sy ny kandida ho filoha Rajaonarimampianina Hery, izay notohanany ny Filohan'ny Tetezamita, dia afaka nampita vaovao betsaka tany amin'ny haino aman-jery maro, ary saika izy ireo irery no hita sy re tao amin'ny VIVA TV, izay fananan'Atoa Rajoelina Andry. Nanamarika ny Iraka fa io fahitalavitra io dia nametraka fitaovana vaovao mpampita sary sy feo nandritra ny herinandro roa farany tamin'ny fampielezan-kevitra, mba hanitarana ny faritra azony ampitana vaovao eto amin'ny nosy, ka nitsahiny ny onjam-peon'ny TVM sy ny RNM tany amin'ny distrika sasany<sup>2</sup>.

Nanamarika ny Iraka fa ireo kandida ho solombavambahoaka manana na mitana ny toeran'ny talen'ny orinasa mpampahalala vaovao, dia nampiasa azy ireny fatratra ho fitaovana fampielezan-kevitra.

Arahabain'ny Iraka ny hetsika nataon'ny Radio Don Bosco (RDB<sup>3</sup>) nanao resadresaka tamin'ny kandida ho filoha sy ny nampitany maimaim-poana sy mivantana tany amin'ny masoivohony rehetra iro adihevitra ny kandida ho filoha nokarakarain'ny CENI-T, ny ORTM sy ny Ministeran'ny Serasera.

### **FANABEZANA NY OLOM-PIRENENA**

Tany amin'ny antsasaky ny faritra, dia voamariky ny Iraka fa nitombo isa ireo hetsika fanentanana tao anatin'ireo fandaharana PACTE sy PACEM ho an'ny latsa-bato roa miaraka. Nampiasain'ny CENI-T bebe kokoa ny onjam-peo hampitana ireo hafatra fanentanana. Nandray anjara tamin'ny fanabeazana olom-pirenena ny fiaraha-monim-pirenena Malagasy tamin'ny alàlan'ireo fikambanana niisa 32 izay nangataka tamin'ny CENI-T ny dika mitovy amin'ireo bileta tokana hanatontosany ny fanentanana. Voamariky ny Iraka ihany koa fa nisy ireo fiangonana nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fanentanana tany amin'ny faritra sy nampita hafatra ho amin'ny fandriam-pahalemana mandritra izao vanim-potoan'ny fifidianana izao.

Arahabain'ny Iraka ny hetsiky ny CENI-T hampitana vaovao bebe kokoa amin'ny mpifidy, indrindra momba izay mampiavaka ilay latsa-bato nampiarahina. Nirahin'ny CENI-T ny Sefom-pokontany hiantso fivoriam-pokotany mba hahazoana antoka fa mazava amin'ny mpifidy rehetra ny tokony hataony. Voamarin'ny iraka mpanara-maso ny fisian'ny fivoriana toa izany tany amin'ny faritra roa, dia Sava sy Atsinanana.

---

<sup>2</sup> Ambositra, Sankara, Antsohihy sy Betroka.

<sup>3</sup> Ny onjam-peo katolika RDB no onjam-peo tsy miankina be mpihaino indrindra manera ny firenena, ary manana rantsa-mangaika dimy amby roapolo manerana ny Nosy.

## **FANDRAISANA ANJARAN'NY VEHIVAVY**

Ny Repoblikan'i Madagasikara dia nanao sonia lalàna maro mikendry ny hiantohana ny fifandanjan'ny isan'ny lehilahy sy vehivavy any anatin'ireo andraikimpanjakana sahanin'ireo tomponandraikitra nofidian'ny vahoaka<sup>4</sup>. Na izany aza anefa dia voafetra ihany ny fanendrena vehivavy ho kandida, na ao amin'ny lisitra natolotry ny antoko politika na ny tsy miankina. Ho an'ny fifidianana solombavambahoaka, dia voamarika fa niisa 205 ireo vehivavy kandida tompon-toerana, izany hoe 10 isan-jaton'ireo kandida; ary 129 tamin'ireo mpisolotoerana no vehivavy (izany hoe 16,7 isan-jato) ho an'ireo fari-pifidianana manana toerana roa. Ny 15 isan-jaton'ireo kandida manerana ny firenena ihany no vehivavy. Miovaova araka ny faritra io salan'isa io, satria betsaka kokoa ohatra ny vehivavy kandida tao amin'ny faritra Analamanga, nahatratra 22 isan-jato; raha 8 isan-jato izany tao amin'ny faritra Atsimo Andrefana.

Ho fanamafisana fandraisana anjaran'ny vehivavy, ny CENI-T, ny PNUD ary ny *Plateforme des Femmes de l'Océan Indien* (FPOI), tao anatin'ny fandaharana PACEM, ary ny *Institut Electoral pour une Démocratie Durable en Afrique* (EISA), ny FPOI sy ny Filan-kevi-pirenena ho an'ny Vehivavy Malagasy (CNFM), tao anatin'ny fandaharana PACTE, dia niara-nikarakara seminera fanentanana sy fifanakalozana teo amin'ireo antoko politika sy ny vehivavy kandida ho solombavambahoaka, ary atrikasa fanamafisana ny fahaiza-manao tany amin'ireo renivohi-paritany enina<sup>5</sup>.

Ankasitran'ny Iraka izany hetsika izany, izay natao hanatsarana ny herijika hahitan'ny vehivavy kandida fahombiazana mandritra ny fifidianana solom-bvam-bahoaka, ary ampirisihany ny manam-pahefana voakasika hanatontosa fikaonan-doha nasionaly sy hampiditra fepetra ho famprisihana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy, indrindra amin'ny fametrahana fepetra ahitana hetsika mampandroso hiantohana ny fifandanjan'ny isa any anivon'ireo asa ifidianana tompon'andraikitra.

## **FANARAHAMASO NASIONALY SY FANARAHAMASO IRAISAM-PIRENENA**

Ho an'ity latsa-bato nampiarahina ity dia mpanara-maso nasionaly miisa 10.183 avy amin'ny fikambanana ao anatin'ny fiaraha-monim-pirenena (OSC) nasionaly niisa 35 nahazo alàlana, no niparitaka nanerana ny nosy. Anisan'ireo OSC tena nisongadina tany amin'ny faritra, talohan'ny andron'ny fifidianana, ny Justice et Paix, izay nanana mpanara-maso niisa 4.403, sy ireo nivondrona tao anatin'ny *Plateforme Mahitsy Fijery*, izay nanana mpanara-maso niisa 1.538; ary ny SOCLE, nahitana 2.402 isa.

Ny andron'ny fifidianana, ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana dia manome alàlana ny fametrahana solotena roa ho an'ny fifidianana filoham-pirenena, ary efatra ho an'ny fifidianana solombavambahoaka isaky ny biraom-pifidianana. Ny Filohan'ny birao fandatsaham-bato no nandrindra ny fifandimbiasan'ireo solo-tena mahazo manara-maso. Nanamarika ny Iraka fa nahatsikaritra solotena toa izany tany amin'ny 98 isan-jaton'ireo birao fandatsaham-bato nalehany, ary ekeny fa manana andraikitra iretsy farany amin'ny fiarovana ny vokatra.

Niisa 1.163 ireo mpanara-maso nomen'ny CENI-T alàlana avy amin'ny fikambana mpanara-maso iraisam-pirenena nissa 36, anisan'izany ireo mpanara-maso diplomatika; raha 884 isa kosa ireo

---

<sup>4</sup> Ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny famongorana ireo endrika rehetra isehoan'ny fanilikilohana vehivavy, vita sonia tamin'ny taona 1979, ny Sata Afrikana ho an'ny zon'olombelona sy ny mponina ary ny Fifanarahana lasitra momba ny zon'ny vehivavy tamin'ny taona 1981, izay mifamatotra aminy, ny Fifanarahana lasitra ho an'ny miralenta sy ny fampandrosoana, nosoniavin'ny Fiaraha-monina ho an'ny fampandrosoana ny tapany atsimon'i Afrika tamin'ny taona 2007.

<sup>5</sup> Antananarivo, Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Fianarantsoa sy Toliary.



mpanara-maso avy amin'ny fikambanana niisa 33 tamin'ny fihodinana voalohany. Izany habetsaky ny isa izany dia porofo milaza fa mahaliana ny fianakaviam-be iraisam-pirenena ity fifidianana ity.

### **FIFANOLANANA MOMBA NY FIFIDIANANA**

Ny didm-panjakana lah. 2013-593 tamin'ny 6 Aogositra 2013, manova ny andininy sasany amin'ny didy hitsivolana lah. 2013-270 tamin'ny 16 Aprily 2013, dia nahazoana fitarainana niisa roa nankany amin'ny Fitsarana raharaham-panjakana, mba hahazoana fampiatoana fampiharana sy hahazoana fanafoanana<sup>6</sup>. Nandritra ny fotoam-pitsarana natao ny 4 sy 6 Desambra 2013, dia nolavin'ny fitsarana raharaham-panjakana izany fangatahana fampiatoana izany, satria ilay didimpanjakana voakasika dia efa nampidirina sy navoaka tao amin'ny Gazetim-panjakana (JO) lah. 3503 tamin'ny 15 Aogositra 2013. Tetsy an-daniny kosa, ny fangatahana fanafoanana napetraky ny movansy Ravalomanana ny 14 Novambra kosa dia mahafeno ny fepetra telo volana takian'ny Lalàna manomboka amin'ny famoahana ao amin'ny Gazetim-panjakana; mbola eny anivon'ny fitsarana raharaham-panjakana ny raharaha ankehitriny.

Ny movansy Ravalomanana ihany koa dia nametraka fangatahana roa nanoloana ny CENI-T ny 4 Desambra 2013: ho fanamarinana ny fifanoheran'ny lalàna ao amin'ny lalàna mifehy ny tsi-fiandanian'ireo manam-pahefana politika mandritra ny fampielezan-kevitra, sy ny fanohanana ofisialy nataon'ny Filohan'ny Tetezamita ho an'ny kandida Rajaonarimampianina Hery. Ny 5 Desambra 2013 dia nampitain'ny CENI-T nankany amin'ny CES izany fangatahana izany, saingy tsy hoe nisolo toerana ny mpanao ny fangatahana izy tamin'izany, ka nangatahany fanamarinana ny fifanarahan'ilay fepetra amin'ny lalàna velona. Ny 18 Desambra 2013 ny CES no nilaza fa manana fahefana feno hitsara izany raharaha izany ary nanamarina ny fifanarahan'izany tamin'ny lalàna sy fitsipika manan-kery ho an'ireo fepetra ara-panjakana tsy azo sarahana amin'ny fifidianana. Nanapa-kevitra izy ny hanafoana ilay didy lah. 2013- 593 tamin'ny 6 Aogositra 2013 voalaza tetsy aloha. Voamariky ny Iraka fa nampiasa ny fahefana ananany hanamarinana ny fifanarahan'ny fepetra noraisina amin'ny lalàna manan-kery sy fanaon'ny fitsarana malagasy io fitsarana manokana misahana ny fifidianana io.

---

### ***Andron'ny latsa-bato***

---

#### ***Fisokafan'ny biraom-pifidianana***

Voalaza fa nilamina ireo biraom fandatsaham-bato miisa 58 izay natrehana tamin'ny ora nisokafan'ny biraom. Ny 53 tamin'izy ireo no nisokatra ara-potoana, na nisy fahatarana latsaky ny ora iray. Anisan'ny antony niteraka izany fahatarana izany ny tsy fahavononan'ireo mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana, ny fahataran'ny mpikambana sasany na koa ny fahabangan'ny fitaovana sasany. Nahamarika ny Iraka fa rehefa nisy tsy ampy ny fitaovana, dia izay azo natao teo an-toerana no natao mba hampizotra tsara ny fifidianana. Tany anatin'ireo biraom fandatsaham-bato naraha-maso, dia ny 10 isan-jaton'ny mpisolo toerana sy/na ny 12 isan-jaton'ny sefom-pokotany no hita tao. Tsy nanakorontana ny fifidianana izy ireo.

Raha vao nanomboka ny tontolo andro dia nomarihan'ny Iraka ny fisian'ny solo-tenan'ny antoko politika tany anatin'ireo biraom fandatsaham-bato rehetra nalehany, indrindra ny solo-tenan'ireo kandida mahaleotena ho an'ny fifidianana solombavambahoaka. Nahitana mpanara-maso nasionaly ihany koa tany amin'ny 47 isan-jaton'ny biraom fandatsaham-bato nanatrehana fisokafana.

---

<sup>6</sup> Izany fitarainana roa izany dia napetrak'Atoa Razafindraibe Ernest, Filohan'ny KMF/CNOE sy Atoa Rakotoarivelo Mamy, filohan'ny delegasionan'ny movansy Ravalomanana, manohana ny kandida ho filoha Jean Louis Robinson.

### *Fizotry ny latsa-bato*

Na dia teo aza ny hasarotry ny fanaovana fifidianana roa miaraka, dia nanamarika ny Iraka fa nisongadina ny fihatsarana teo amin'ny fikarakarana ireo lamina rehetra. Vitsy ihany ny tsy fetezana tsikaritra nandritra ny andron'ny fifidianana.

Niparitaka tany amin'ny faritra 19 tamin'ireo 22 faritra eto Madagasikara ireo mpanara-maso, niaraka tamin'ny mpandika teny malagasy iray avy ka nanamora ny fifaneraseran'izy ireo tamin'ny mponina sy ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana, izay mazàna tsy miteny Frantsay, indrindra ireo any ambanivohitra.

Natrehin'ny Iraka ny latsa-bato, ny famaranana ny latsa-bato, ny fanisana sy ny fanangonana ny vokatra tany amin'ny fari-pifidianana 57 tamin'ireo 119; ary nihoatra ny 600 ny isan'ireo birao fandatsaham-bato narahiny maso, ka tany ambanivohitra ny antsasak'izany. Ny nahatongavan'ireo mpanara-maso eropeana hatramin'ny 25 Septambra no nahafahan'ny Iraka nanara-maso ny fikarakarana ny fifidianana tamin'ny ankapobeny.

Hita nandritra ny fanaraha-maso fa tsy nanana lisi-pifidianana ny birao fandatsaham-bato 3 tamin'ireo nalehanay, saingy tao ny lisitra hosoniavina. Tany amin'ny birao fandatsaham-bato 3 hafa nalehanay koa, dia tsy nisy taratasy hanoratana ny tatitry ny isam-bato; ary birao fandatsaham-bato niisa 4 no nilaza fa tsy naharay ilay valopy tsy mety rovitina.

Hitany ny Iraka nandritra ny andron'ny fifidianana ny fisian'ny olona tsy nahazo alàlana tany amin'ny 22 isan-jaton'ny birao fandatsaham-bato nalehany ; mazàna dia ny sefom-pokotany (9 isan-jato), mpisolo toerana any amin'ny birao fandatsaham-bato (11 isan-jato) ary mpiasa misahana ny fifidianana (4 isan-jato). Ny fahitana ny asan'ireny anefa dia toa fanampiana ireo mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana.

Tany amin'ny 77 isan-jaton'ireo birao fandatsaham-bato nalehanay, dia hita tany ivelan'ny biraom-pifidianana ny mpisolo toerana, manamarina ny kara-pifidianana sy mandamina ny filaharana, araka ny niangavian'ny CENI-T hataony.

Arahabain'ny Iraka ny fahitana solo-tenan'ny kandida tany amin'ny 99 isan-jaton'ny birao fandatsaham-bato nalehany, na tany an-drenivohitra na tany ambanivolo, ka manodidina ny 6 isaky ny biraom-pifidianana ny solo-tena hitany. Vehivavy ny 42 isan-jaton'ireo solo-tenan'ny kandida, salan'isa izay mitovitovy ihany amin'ny zava-nisy nandritra ny latsa-bato tamin'ny 25 Oktobra. Ambany ihany anefa io taha io raha ampitahaina amin'ny isan'ny vehivavy malagasy (51 isan-jato) sy ny isan'ny vehivavy ao amin'ny lisi-pifidianana (46 isan-jato).

Hita fa nisy mpanara-maso nasionaly tany amin'ny 46 isan-jaton'ny birao fandatsaham-bato nalehanay ary vehivavy ny 47 isan-jaton'ireo mpanara-maso ireo.

Tany amin'ny 34 isan-jaton'ny birao fandatsaham-bato nalehanay, dia nisy fotoana tsy nitakiana ny Kara-panondro ho an'ireo hifidy, indrindra tany ambanivolo.

Tao anatin'ny birao fandatsaham-bato nalehan'ny Iraka dia navela handatsa-bato ireo mpifidy tsy voasoratra anarana tamin'ny volana Oktobra, raha toa ka hita tao anatin'ny lisi-pifidianana fanampiny ny anarany. Vitsy ihany ny fitarainana avy amin'ny mpifidy tsy voasoratra anarana, izay midika fivoarana raha ampitahaina amin'ny latsa-bato tamin'ny volana Oktobra.

Voatandro tamin'ny ankapobeny ny filaminana hita nandritra ny andron'ny fifidianana. Tany amin'ny birao fandatsaham-bato iray tamin'ireo birao fandatsaham-bato rehetra nalehan'ny Iraka

no nahitany hetsika fampielezan-kevitra<sup>7</sup>, ary nahitany fitaovana fampielezan-kevitra kosa teo akaikin'ny biraom-pifidianana niisa roa<sup>8</sup>.

#### *Fanisam-bato*

Biraom-pifidianana niisa 48 no nanatrehanay ny fanisam-bato. Tamin'ny ankapobeny dia tontosa tao anatin'ny filaminana izany, niandraiketan'ny solontenan'ny kandida tany amin'ireo birao fandatsaham-bato rehetra nalehanay, ary nahitana mpanara-maso nasionaly tany amin'ny ankamaroan'izy ireo (38/48).

Na dia hita aza fa ambany ny tahan'ny fandraisana anjara, izay heverin'ny Iraka fa nahatratra 48 isan-jato, raha ampitahaina amin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany, dia nitarika fitarazohan'ny fanisam-bato ny fampiarahana ireo latsa-bato roa. Tamin'ny ankapobeny dia nanomboka tamin'ny 6 ora hariva ary nifarana tamin'ny 1 ora maraina ny fanisam-bato tany amin'ireo birao fandatsaham-bato nalehanay. Nanamarika ny Iraka fa haingana kokoa ny fampitana ireo voka-pifidianana nankany amin'ny *Sections Recensement Matériel du Vote* (SRMV).

Nisy ny fitarainana ofisialy napetraka tany amin'ny biraom-pifidianana niisa 3: ny iray nifandraika tamin'ny fifidianana filoham-pirenena (nisy mpifidy iray navela hifidy nefa tsy nitondra karapanondro), ny roa kosa nifandraika tamin'ny fifidianana solombavambahoaka (ny iray nahakasika fividianana vato nataon'ny solo-tena iray avy tamin'ny EMMA, ny iray hafa kosa mitory ny sefompokontany tonga tamin'ny 4 ora tolakandro nitondra ny lisitra hosoniavina ho an'ny fifidianana filoham-pirenena).

#### *Fikirakirana ny vokatra sy fifanolanana momba ny fifidianana*

Nihatsara lavitra ny fikirakirana ny fanangonana ireo vokatra avy tany amin'ireo birao fandatsaham-bato isaky ny distrika raha ampitahaina amin'ny latsa-bato tamin'ny 25 Oktobra. Tamin'ny ankapobeny, dia niantomboka ny ampitso maraina ny lamina fampitana amin'ny alàlan'ny solosaina ireo tatitry ny isam-bato avy any amin'ny SRMV mankany amin'ny CNTDI tany amin'ireo SRMV miisa 44 manehanay. Ankasitrahin'ny Iraka ny fanatsarana ny lamina fampitana ireo vokatra ireo.

Tamin'ny fotoana namoahana izao fanambarana savaranonando izao, dia mbola manara-maso tsy tapaka ny lamina fanangonam-bokatra any amin'ny SRMV miisa 21 amin'ireo 119 ny Iraka.

Teo anivon'ny CENI-T kosa dia efa niantomboka ny fandravonana ireo vokatra isaky ny faritra, ka nampitomboana ny isan'ireo tompon'andraikitra misahana izany. Ampirisihan'ny Iraka ny CENI-T hanohy ny asany ho an'ireo latsa-bato roa ireo, ka hamoaka ny vokatra araka izay ahazoany azy, ary isaky ny biraom-pifidianana, ary mba tsy ho latsaky ny tamin'ny fihodinana voalohany ny fanajana ny mangarahara ao anatin'izany.

Mbola hijanona eto Madagasikara ny Iraka hanara-maso ny fanangonana ny vokatra, ny famoahana ireo vokatra vonjimaika hataon'ny CENI-T ary ny fanambarana ny vokatra ofisialy hataon'ny CES. Mampirisika ny CENI-T sy ny CES ny Iraka hanohy sy hanamafy ny fandrindrany ny asany amin'ny alàlan'ny vaomieran'ny fifandraisana, mba hisosa tsara sy hizotra anatin'ny fahombiazana ny fikirakirana ireo vokatra, ary miangavy ny CES hamoaka ao amin'ny tranonkalany ireo vokatra an-tsipirihany ho an'ireo latsa-bato roa, ary isaky ny biraom-pifidianana.

<sup>7</sup> Ampasifasy, tao amin'ny Faritra Menabe.

<sup>8</sup> Ankazomanga Atsimo sy Antanety Atsimo, Faritra Analamanga.